



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavane - Tenindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-160

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, MANOMBOKA
NY TALATA 19 OKTOBRA 2021 KA HATRAMIN'NY ALATSINAINY 15 NOVAMBRA 2021**

Fivoriana Faha-2
Natao ny
Alakamisy 21 Oktobra 2021
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Ramatoa isany: - NAHARIMAMY Irmah Lucien
- ANGELE Solange

FOTOANA: Alakamisy 21 Oktobra 2021, tamin'ny 10 ora sy 50 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena, manomboka ny Talata 19 Oktobra 2021 ka hatramin'ny Alatsinainy 15 Novambra 2021, novolavolaina tany amin'ny Diniky ny Filoha.

Nitohy ny Alakamisy 21 Oktobra 2021, tamin'ny 10 ora sy 50 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Ramatoa ANGELE Solange.

Taorian'izay mbola niangavian-dRamatoa Filoha, hatrany Ramatoa Mpitantsoratra mba hamaky ny famintinana ny fivoriana nataon'ny Diniky ny Filoha notontosaina ny Alarobia 20 Oktobra 2021.

Ramatoa ANGELE Solange hatrany no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny.

Nivory ny Alarobia faha-20 Oktobra 2021 nanomboka tamin'ny 3 ora sy 15 minitra, tolak'andro, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory tonga nanatrika ny fivoriana no nanombohan-dRamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana sady firarian-tsoa hanana fotoam-pivoriana feno fahombiazana.

Nisy teboka maromaro tapaka tao amin'ny fivorian'ny Birao Maharitra mikasika ny fizotry ny fivoriana ara-potoana faharoa, ka nentin-dRamatoa Filoha teo anatrehan'ny mpivory izany. Taorian'ny adihevitra dia neken'ny mpivory tonga nanatrika, voalohany indrindra, ny fanafoanana ny fampitana mivantana amin'ny «Facebook» ny fivoriambe azon'ny rehetra atrehina.

Faharoa, tohizana ny ezaka efa natao amin'ny firosoana amin'ny "dématérialisation" eo amin'ny fanatanterahana ny asa, ohatra amin'izany, ny fandefasana amin'ny alalan'ny mailaka ireo volavolan-dalàna, ny tatitry ny Vaomiera sy izay rehetra azo ampiasana ny fitaovana ampitain-davitra. Ary farany, ny fanajana ny "gestes barrières" mandritry ny fivoriana.

Notsindrina fa "micro" iray ho an'ny Solombavambahoaka iray araka izay azo atao.

Novakiana avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alarobia faha-20 Oktobra 2021 tamin'ny 10 ora, maraina.

Taorian'izay, nodinihana ny firafitry ny fandaharam-potoana manomboka ny Talata faha-19 Oktobra 2021 ka hatramin'ny Alatsinainy faha-15 Novambra 2021, ka nitondrana fanitsiana vitsivitsy.

Toy izao ny fandaharam-potoana tapaka tao amin'ny «Conférence des Présidents» ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

ORDRE DU JOUR

pour la période du **Mardi 19 Octobre 2021** au **Lundi 15 Novembre 2021**

MARDI 19 OCTOBRE 2021

11H 00: CEREMONIE D'OUVERTURE DE LA DEUXIEME SESSION ORDINAIRE 2021 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE

MERCREDI 20 OCTOBRE 2021

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent

11H 30: CEREMONIE DE SIGNATURE DE MEMORENDUM D'ENTENTE ENTRE L'ASSEMBLEE NATIONALE ET L'ASSEMBLEE POPULAIRE NATIONALE DE CHINE (à l'attention des membres du Bureau Permanent et ceux du Groupe d'amitié parlementaire Madagascar-Chine)

15H 00: Conférence des Présidents-Salle BP

JEUDI 21 OCTOBRE 2021

10H 00: SEANCE PLENIERE - Salle des Séances

- Adoption de l'Ordre du jour

VENDREDI 22 OCTOBRE 2021

10H 00: REUNION DE TRAVAIL DE LA COMMISSION EVALUATION DES POLITIQUES PUBLIQUES (Salle BP)

Participants:

- Membres de la Commission Evaluation des Politiques Publiques
- SENAT
- Présidence de la République
- Cours des Comptes
- Ministère de l'Economie et des Finances
- PREA
- MASS

MARDI 26 OCTOBRE 2021

10H 00: PRESENTATION DE L'INTRANET ET DU NOUVEAU MODE D'ORGANISATION DES TRAVAUX DE L'ASSEMBLEE NATIONALE PAR LA DIRECTION DU SYSTEME D'INFORMATION-(DSI)

15H 00: ELECTION DU REPRESENTANT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE A LA COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE-(CENI)

MERCREDI 27 OCTOBRE 2021

TRAVAUX DES COMMISSIONS

09H 00: -Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique (Saisie au fond)

-Commission de la Communication, Information et des Relations avec les Institutions (Saisie pour avis)

-Commission de l'Education Nationale (Saisie pour avis)-**(Bibliothèque)**

-Projet de loi n°017/2021 du 29 Septembre 2021 portant autorisation de la ratification de la Charte de la renaissance culturelle africaine

-Commission Juridique (Saisie au fond)

-Commission du Genre et du Développement (Saisie pour avis)-(Salle BP)

-Proposition de loi n°002-2021/PL du 17/05/2021 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°68-012 du 04 juillet 1968 relative aux successions, testaments et donations, présentée par la Députée RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera, élue à Antananarivo II, Deuxième Questeur de l'Assemblée nationale.

15H 00: -Commission de la Santé Publique (Saisie au fond)-**(Bibliothèque)**

-Proposition de loi n°003-2021/PL du 03 Juin 2021 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé, présentée par le Député VONINAHITSY Jean Eugène, élu à Morafenobe.

JEUDI 28 OCTOBRE 2021
SEANCE PLENIERE-Salle des Séances

10H 00: -Projet de loi n°017/2021 du 29 Septembre 2021 portant autorisation de la ratification de la Charte de la renaissance culturelle africaine

15H 00: -Proposition de loi n°002-2021/PL du 17/05/2021 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°68-012 du 04 juillet 1968 relative aux successions, testaments et donations, présentée par la Députée RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera, élue à Antananarivo II, Deuxième Questeur de l'Assemblée nationale

VENDREDI 29 OCTOBRE 2021

09H 00 et **15H 00:** **Atelier sur la proposition de loi relative à l'Evaluation des Politiques Publiques** (Lieu à déterminer)

MERCREDI 03 NOVEMBRE 2021

10H 00: **Présentation de l'évolution des travaux des Commissions d'enquêtes par les Présidents ou les Rapporteurs des Commissions concernées:**

- Commission d'enquête parlementaire sur les activités des opérateurs en télécommunication
- Commission d'enquête sur le contrat de concession établi entre l'état Malagasy et la Société Ravinala Airports
- Commission d'enquête parlementaire sur les problèmes fonciers récurrents à Madagascar
- Etat des travaux de la Commission spéciale de mise en accusation devant la Haute Cour de la Justice-(HCJ)
- Mission d'information commune visant la Société SIRAMA

SEANCES PLENIERES -Salle des Séances

MERCREDI 03 NOVEMBRE 2021

15H 00: **RENCONTRE DES DEPUTES AVEC LE SAMIFIN**

JEUDI 04 NOVEMBRE 2021

10H 00: -Proposition de loi n°003-2021/PL du 03 Juin 2021 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé, présentée par le Député VONINAHITSY Jean Eugène, élu à Morafenobe

15H 00: -Présentation du Kit «Prêt Scolaire» à l'attention des membres de personnel de l'Assemblée nationale par la BOA

LUNDI 08 NOVEMBRE 2021 et **MARDI 09 NOVEMBRE 2021**

10H 00 et **15H 00:** **SEMINAIRE ORGANISE EN COLLABORATION AVEC L'APF: Comment lutter contre les infos dans les médias et les réseaux sociaux**

JEUDI 11 NOVEMBRE 2021 et VENDREDI 12 NOVEMBRE 2021**10H 00 et 15H 00: SEMINAIRE ORGANISE EN COLLABORATION AVEC L'APF: L'Industrie extractive et la dimension genre****LUNDI 15 NOVEMBRE 2021****10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent****FICHE DE PRESENCE****CONFERENCE DES PRESIDENTS****MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION	EMARGEMENT
1	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Présidente	
2	RASOLONJATOVO Honoré	Vice-Président	
3	RAZAFITSIANDRAOFA Jean Brunelle	Vice-Président	
4	RABENIRINA Jean Jacques	Vice-Président	
5	MHELIHANTA Jocelyne	Vice-Président	
6	RAHANTANIRINA Lalao	Vice-Président	
7	NAHARIMAMY Lucien Irmah	Vice-Président	
8	HENRI Jean Michel	Premier Questeur	
9	RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera	Deuxième Questeur	
10	RABENIRINA Maminiaina	Troisième Questeur	
11	ANGELE Solange	Rapporteur-Général	
12	RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina	Rapporteur Général Adjoint	

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE	EMARGEMENT
01	Commission des Ressources Stratégiques	MOHAMAD Ahmad	IRD	
02	Commission de la Défense Nationale	VELOMAHAZO Patrice	IRD	
03	Commission des Affaires Etrangères	RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian	IRD	
04	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD	

05	Commission de l'Energie et de l'Eau	RANDRIAMANAMPISOA Alfred	IRD	
06	Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD	
07	Commission Juridique	IDEALSON	IRD	
08	Commission de l'Economie et de la Planification	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy	TIM	
09	Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa	IRD	
10	Commission des Postes et des Télécommunications et des Nouvelles Technologies	MAMANGY Norbert	GPR	
11	Commission de l'Agriculture et du Développement Rural	RANDRIANASOLO Jean Nicolas	GPR	
12	Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts	RAKOTONDRAZAFY José Alain	IRD	
13	Commission de Transport et de la Météorologie	RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth	IRD	
14	Commission des Travaux Publics	RASALAMA Léon	IRD	
15	Commission de l'Elevage et de la Protection Animale	RAYMOND	Indépendant	
16	Commission des Infrastructures et de l'Equipement	ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina	TIM	
17	Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière	RAHOLDINA Naivo Herinantsoina	IRD	
18	Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique	RASOLONIAINA Robert	IRD	

19	Commission de l'Education Nationale	RANDRIANARIVELO Justin Abel	IRD	
20	Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle	JEAN FRANÇOIS Michel	TIM	
21	Commission de la Sécurité Publique	NAKANY Charly Zafimagnely	IRD	
22	Commission de la Santé Publique	RAJAOBELINA Lova Herizo	IRD	
23	Commission du Commerce et de la Consommation	ASSIMO Bruno	IRD	
24	Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche	BAOFENO Micheline	IRD	
25	Commission de la Communication, Information et des Relations avec les Institutions	RAKOTONDRA SOA Fetra	IRD	
26	Commission de la Jeunesse et des Sports	RATSI VAHINISOLO Andriniony	IRD	
27	Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois sociales	FIAROVANA LOVANIRINA Célestin	IRD	
28	Commission de la Population et de la Protection Sociale	RATSI MANDRIONA Aida Hardy	IRD	
29	Commission de l'Artisanat et du Tourisme	RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine	IRD	
30	Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique	CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot	IRD	
31	Commission du Genre et du Développement	MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc	GPR	
32	Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques	JOHASY Eléonore	GPR	

33	Commission Chargé de l'examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député	RAZAKANDRAINY Henri Dominique	IRD	
34	Rapporteur de la Commission des Finances et du Budget	TSARADIA Marco	IRD	

PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES

N°d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRES	NOMS ET PRENOMS	EMARGEMENT
1	GPR	MILAVONJY Andriasy Philibert	
2	TIM	RABEKIJANA Solofo Hery	

Représentant du Gouvernement:

Yamicole Franckline

Rehefa avy nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny famakiany ny famintinana ny fivorian'ny Diniky ny Filoha, Ramatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny fanitsiana ny volavolam-pandaharam-potoana.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba izany, ka niditra tamin'ny adihevitra ankapobeny avy hatrany ny mpivory ary nanome fitenenana ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha.

Nanao satroka Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan, ka nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana.

Nambarany fa mbola tsy nahazo ny volavolam-pandaharam-potoana ny tenany, ka nangataka ny hanomezana azy an'izany.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa efa manomboka miditra amin'ny «dématisation» ny Antenimierampirenena amin'izao fotoana izao, ka avy hatrany dia alefan'ireo teknisiana ao amin'ny DSI any amin'ny «e-mail»-n'ny Solombavambahoaka avokoa ny solon'ny antontan-taratasy rehetra tokony hilaina. Afaka maka «version papier» ao amin'ny Sekretera Jeneraly ihany koa anefa ny Solombavambahoaka izay mila izany.

Rehefa nomena fitenenana Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nilaza fa misy diso ny daty voalaza ao amin'ny volavolam-pandaharam-potoana ka tokony hahitsy izany. Tokony ho 15 Novambra 2021 no izy, fa tsy 15 Oktobra 2021.

Andriamatoa RAKOTOSON Hubert kosa nanambara, raha nomena fitenenana, fa tsy mahay mampiasana «tablette», ka tsy mahalala izay zavatra tokony holaniana amin'izao fivoriana izao.

Nanamarika kosa Andriamatoa RAMAROSON Bonaventure, fa mbola tsy nahazo «tablette» ny tenany, ka tokony homena izany satria tsy mahalala ny zavatra atrehina amin'izao fivoriana izao ihany koa.

Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan kosa raha nomena fitenenana, nanambara fa very ny “tablette”-ny, ka inona no tokony hataony mba hahazoany ny zavatra ilaina mikasika ny fivoriana.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa tokony hanatona an'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena manambara fa very marina ny “tablette”, ka aorian'izay ho hita eo izay hatao.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa HENRI Jean Michel, nilaza fa ho an'izay tsy manana «tablette» na very dia ao amin'ny “adresse e-mail”-n'ny Solombavambahoaka tsirairay no ahafahana mijery ny vaovao rehetra amin'ny alalan'ny “version électronique” alefan'ny teknisiana ao amin'ny «Direction du Système Informatique» na ny DSI ato amin'ny Antenimierampirenena.

Adriamatoa RANDRIAMISA NAINA Marie Nicolas David, kosa nanontany hoe: inona no antony ampijanonana ny fampiasana “facebook” amin'izao fotoam-pivoriana izao, raha nomena fitenenana izy.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa efa “présentielle” na mifanatrika mivantana ny fivoriana atrehana amin'izao fotoam-pivoriana ara-potoana faharoa izao, ka aleo ajanona amin'izay ny fandefasana izany amin'ny “facebook”.

Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa kosa raha nandray fitenenana, nanamarika fa tokony hampidirina amin'ny asam-baomiera koa ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana amin'ny fandinihana ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2021/PL natolotry ny Solombavambahoaka voafidy tao Morafenobe.

Taorian'izay, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha manan-kambara mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena.

Niangavy Ramatoa YAMICOLE Franckline, solotenan'ny Governemanta, fa raha azo atao, aleo ahenana ny “version physique” aterina eto amin'ny Antenimierampirenena rehefa mandefa “projet de loi” aty amin'ny satria anisan'ny mahatara ny fahatongavan'izany ny fahavesaran'ny antontan-taratasy entina avy any amin'ny Governemanta manketo amin'ny lapa.

Namaly Ramatoa Filoha hoe: etsy ankilany, marina tokoa fa mavesatra ny antontan-taratasy avy any amin'ny Governemanta satria raha ho an'ny «projet de loi» iray dia tsy maintsy manomana «350 exemplaires».

Etsy andaniny kosa, mbola eo andalam-pianarana momba ny «dématisation» ny Antenimierampirenena ary hanaraka fiofanana avy amin'ny DSI mikasika izany mihitsy aza, ka horaisina izay fangatahana izay.

Rehefa tsy nisy nanan-kambara intsony, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Nanambarany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandanianana ity volavolam-pandaharam-potoana ity.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 43 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 19 Oktobra 2021 ka hatramin'ny Alatsinainy 15 Novambra 2021.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, ka ny Zoma 22 Oktobra 2021 amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny «Réunion de travail de la Commission Evaluation des Politiques Publiques», hatao ao amin'ny «Salle BP» iarahana amin'ireo Andrimpanjakana sy ny Minisitery ary ireo sampandraharaha samihafa.

Niato tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona